Mpiandry raharaha

PHARMACIES DE GARDE 15/05/2021 hatramin'ny 22/05/2021

- **MIRARISOA** (Ambodimita) 034 06 707 13
- **AMBANIDIA** (Ambanidia) 020 22 255 50
- **IARIVO** (Analakely en face IHS) 020 22 224 26
- **VOLAHANTA** (Anosibe près rond point vers Soanierana) 020 22 355 09
- **67HA** (En face FLM) 020 22 253 61
- **MAHAVOKY** (Mahavoky Andravoahangy) 020 22 255 51
- **HERIZO** (Antanimena en face ECAR) 020 22 697 22
- **DE LA PERGOLA** (Antaninarenina) 020 22 237 17
- **TSARA** (Andavamamba Route pavée) 020 22 347 12
- **ANJA** (Analamahitsy) 020 26 406 55
- **ITOKIANA** (Manakambahiny) 020 22 322 64
- **H** (Andrefan'Ambohijanahary) 034 14 011 65
- **NY AINA** (Andravoahangy Ambony) 020 22 229 95
- **AICHA** (Près CENAM 67ha) 020 22 620 02
- **RAKOTOARIVONY** (Analakely en face lycée Rabearivelo) 034 45 222 05
- **SANTE** (Behoririka 1ère à droite après Station Shell) 020 22 540 32/ 034 70 684 04
- **DE LA CROIX DU SUD** (Antanimena en face imprimerie NIAG) 020 22 220 59
- **M PHARMACIE** (Imm MAMA Ambalavao Isotry) 034 02 652 55/020 22 665 22/ 034 20 665 22
- **MAHAFALY** (Soavimasoandro près terminus bus 165) 034 10 937 11
- **NAMONTANA** (Namontana) 034 23 899 93
- **PROGRES** (Analakely) 020 22 207 06/034 78 200 15

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 300 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY
Imprimerie de la RN7

Fametrahana 1165-05-2021
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

ANDILANA AVARATRA AMPARAFARAVOLA

Nihosin-drà ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany «beryl»

Nihosin-drà ny fitrandrahana beryl vao hita any Andilana Avaratra, distrikan'Amparafaravola, faritra Alaotra Mangoro ny faran'ny herinandro teo: olona 02 maty ary 02 hafa naratra mafy tany an-toerana araka ny vaovao voaray. Raha ny zava-niseho, vaky ny ady teo amin'ny Sihanaka sy Antandroy, izay samy tafiditra tsy ara-dalàna tao amin'ny toeram-pitrandrahana beryl any Andilana Avaratra Distrikan'Amparafaravola.

Vokatr'izany, niantso mpitandro filaminana ny teo anivon'ny OMC notarihin'ny Préfet an'Ambatondrazaka, hanakatona ny kariera, raha ny loharanom-baovao.

Tsy nanaiky ny hanakatonana ny kariera kosa ireo mpitrandraka na dia nisisika ny hanao izany aza ny tompon'andraikitra.

Nanomboka ny zoma hariva teo no efa nametraka sakana sy nilanja sorabaventy teo amin'ny fidirana ny tanàna, toerana misy ny kariera izy ireo ary mbola nitohy ny sabotsy izany, niandry ny fahatongavan'ny Delegasiona notarihin'ny Préfet an'Ambatondrazaka.

Ireo mpitrandraka harena ankibon'ny tany tsy nanaiky ny fanakatonna kariera tany Andilana Avaratra.

Tokony ho tamin'ny 03 ora sy sasany folakandro teo ireto farany no nigadona tao an-toerana, niaraka tamin'ny mpitandro filaminana ahitana polisim-pirenena, ny zandarimariam-pirenena, ny avy ao amin' ny Tafika Malagasy. Nisy ihany koa ireo mpitandro ny filaminana avy aty andrenivohitra.

Niroso tamin'ny fifampiresahana fohy ireo solontenan'ny mpitrandraka sy ireo tompon'andraiki-panjakana. Fotoana fohy taorian'izay dia raikitra ny tora-bato sy ny tifitra nifanaovan'ny andaniny sy ny ankilany ary niha-nafana ny toe-draharaha.

Vokany, olona roa no namoy ny ainy, ary roa hafa naratra mafy miady amin'ny fahafatesana voa teo amin'ny kibo sy tenda raha ny vaovao.

Zaza tsy ampy taona miisa 10 kosa no voatery naiditra hopitaly tao Amboavory noho ny setroka nateraky ny baomba mandatsa-dranomaso nalefan'ny mpitandro filaminana. Arak'izany, nirefodrefotra ny baomba mandatsa-dranomaso tao Andilana distrikan'Amparafaravola. Andaniny ireo mpitrandraka "Beryl", ankilany kosa ireo mpitandro filaminana marobe, nisy avy aty Antananarivo.

Antony, tsy nanaiky ny hiala tao amin'io toeram-pitrandrahana io ny vahoaka, raha nahazo baiko kosa ny andaniny, fa hakatona ny "carrière".

Na dia nisy aza ny fifampiresahana sy ny fanelanelanana nataon'ny Préfet an'Ambatondrazaka, dia tsy nahavaha ny olana izany, ka izao tonga tamin'ny fifandonana izao.

Stefa

Faritra Diana

Diso fanantenana amin'ny vidiny ny mpamboly lavanila

Diso fanantenana amin'ny vidin'ny lavanila ny mpamboly lavanila any amin'ny ditrikan'Ambanja, faritra Diana. Nijanona ho 75000Ar mantsy hatreto ny kilaon'ny lavanila maitso. Nisokatra ny 20 mey 2021 lasa teo ny taom-piotazana lavanila tao amin'ny Distrikan'Ambanja, ka niantso tamin'ny 200000Ar isan-kilao amin'ny maitso ny mpamboly tamin'io andro voalohany io, fa tsy nandrenesam-peo kosa ireo mpanangom-bokatra.

Ny andro faha-2 dia nidina teo amin'ny 160000Ar indray ny mpamboly, raha nilaza fa handray eo amin'ny 75000Ar kosa ireo mpividy vokatra lavanila.

Ny 22 mey dia nijanona tamin'io 75000Ar ny "prix maximum" na vidiny farany ambony nakan'ny mpanangom-bokatra amin'ny kilaon'ny lavanila maitso tao Ambanja araka ny vaovao voaray.

Nambaran'ireo tantsaha mpamboly, fa diso fanantenana tanteraka amin'ny vidiny hamarotany ny vokatra izay nisahiranany izy ireo, izay nieritreritra handafo amin'ny 160000 Ar eo farany ambany, ny kilaon'ny lavanila maitso.

Niaina

BEHARO

Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 349



BL = Bory Loha
BR = Bory Rambo
MIV = Mivadika
MIK = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

Valiny Teny Tondro (0348)

Mitsivalana

- Mitolona
- Anamamy
- Nila – Ela
- Elo
- Ainy – Ana
- Lot(o) – Rojo
- Ivato (miv) – AS

Mitsangana

- Mandalo
- Iny – Toy (miv)
- Talenta
- Omaly
- La – Ry
- Ome – Ao
- Nilanja
- Soa (miv)

TENY MIFANAPAKA **N° 349**



Mitsivalana

1. Ilay boka mitaingin-tseza **2.** Avotanao **3.** Mivezivezy **4.** Voankazo – Reny (miv) **5.** Hazo maro (BR) – Rahalahin'i Kaina **6.** Mpanjaka (miv) **7.** Ao amin'ny Baiboly (miv) – Fomba fitafy any amorontsiraka **8.** Faran-teny – Naneso, nanaratsy (miv) **9.** Dadany – Mitempo **10.** Tovona (miv) – Tapahina amin'ny antsy (miv)

Mitsangana

A. Mampisondrotra **B.** Aro moka (miv) – Betsaka (miv) **D.** Fanampin'Anarana – Ahy sy azy **E.** Olo-masina (miv) – Faranteny **F.** Taova – Nikarama (miv) **G.** Tamy – Aretina (miv) **H.** Kilalaon-jazavavikely **I.** Tany nihaviany (miv) **J.** Mando (miv) – Ao amin'ny vava **K.** Tanàna ao Avaratra Andrefana – Kapoka (miv)

Valiny Teny mifanaraka 0348

Mitsivalana

1. Solitany **2.** Alamo - SA **3.** Lohateny **4.** Any - Oviala **5.** Mamoha - AK **6.** Ako - Kaky **7.** (M)itanjaka **8.** Bao - To **9.** Tratrarina **10.** Mi - Mitolon(a)

Mitsangana

A Salama - BTM **B.** Olana - Iray (miv) **D.** Lahimatoa **E.** Amy (miv) - (M)oka - TM **F.** Totohondry **G.** Eva - AT **H.** Neny - Katro **I.** IA - Lioka (miv) **J.** Laka - No **K.** Malaky - Man